## MINISITERAN' NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETR' ANDRO ARY NY FIZAHAN-TANY

### Fifamoivoizana an' habakabaka sivily sy sambom-barotra

Noho ny fanapahana laharana faha-7-MTMT/DACMM/SMM nataon' ny Minisitry ny Fitaterana, ny Famantarana ny Toetr' andro ary ny Fizahan-tany, tamin' ny 3 febroary 1989, ireto filazampahaizana momba ny Sambom-barotra, tanisaina manaraka ireo, dia omena an' Atoa isany avy :

— *«Brevet de lieutenant de pêche»* : Rakotondrainibe Clément Denis, M-74 118, manomboka ny 24 desambra 1988;

— *«Diplôme d'études maritimes d'élève officier mécanicien de 2e classe»* : Ribet Frantz, manomboka ny 22 jona 1987;

— *«Brevet d'études maritimes d'officier mécanicien de 2e classe»* : Ribet Frantz, manomboka ny 8 aogositra 1988.

---

Noho ny didim-pitondrana laharana faha-961/89-MTMT/DACMM/STA nataon' ny Minisitry ny Fitaterana, ny Famantarana ny toetr' andro ary ny Fizahantany, tamin' ny 20 febroary 1989, ny andininy voalohany amin' ny didim-pitondrana laharana faha-2 075/83-MTRT/SG/DTM/STA tamin' ny 17 mey 1983, dia ovàna toy izao manaraka izao :

*Mambra avy hatrany :* tsy misy fiovàna.
*Sampan-draharaha mpampiasa :*

*Tsy hoe :*

«Rajohnson Andrianaridera, solontenan' ny Fifamoivoizana an' habakabaka sivily.»

*Fa vakio hoe :*

«Raveloson Solo Monina, solontenan' ny Fifamoivoizana an' habakabaka sivily.»

(Ny sisa tsy misy fiovàna.)

---

## MINISITERAN' NY FIOMPIANA SY NY FANJONOANA ARY NY RANO SY ALA

### Fiompiana

Noho ny didim-pitondrana laharana faha-839/89 nataon' ny Minisitry ny Fiompiana sy ny Fanjonoana ary ny Rano sy Ala, tamin' ny 13 febroary 1989, raràna ny fampidirana biby ahiahiana ho manana aretina toy ny omby, kisoa ary ondry aman' osy ao anatin' ny faritry ny *abattoir frigorifique industriel* mpanondrana hena mankany ivelany.

Hisy toerana fanaraha-maso ny fahasalaman' ny biby kasaina hovonoana haorina eo amin' ny toerana farany famoriana ireo biby ireo.

Ny fahazoana mandeha ilàlana miaraka amin' ireo biby ireo dia hamarinina aorian' izany fizahana izany.

Ny *vétérinaire officiel* ao amin' ny toerana famonoam-biby sy ireo mpandraharaha momba ny fahasalaman' ny biby no manao io fizahana mialoha io.

Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin' ny voalazan' ity didim-pitondrana ity.

## MINISTERE DES TRANSPORTS, DE LA METEOROLOGIE ET DU TOURISME

### Aviation civile et marine marchande

Par décision n° 7-MTMT/DACMM/SMM du Ministre des Transports, de la Météorologie et du Tourisme, en date du 3 février 1989, les titres Marine marchande énumerés ci-après sont respectivement délivrés à Messieurs :

— *Brevet de lieutenant de pêche* : Rakotondrainibe Clément Denis, M-74 118, à compter du 24 décembre 1988;

— *Diplôme d'études maritimes d'élève officier mécanicien de 2e classe* : Ribet Frantz, à compter du 22 juin 1987;

— *Brevet d'études maritimes d'officier mécanicien de 2e classe* : Ribet Frantz, à compter du 8 août 1988.

---

Par arrêté n° 961/89-MTMT/DACMM/STA du Ministre des Transports, de la Météorologie et du Tourisme, en date du 20 février 1989, l'article premier de l'arrêté n° 2 075/83-MTRT/SG/DTM/STA du 17 mai 1983 est modifié comme suit :

*Membre de droit :* sans changement.
*Services utilisateurs :*

*Au lieu de :*

«Rajohnson Andrianaridera, représentant l'Aviation civile.»

*Lire :*

«Raveloson Solo Monina, représentant l'Aviation civile.»

(Le reste sans changement.)

---

## MINISTERE DE LA PRODUCTION ANIMALE (Elevage et Pêche) ET DES EAUX ET FORETS

### Elevage

Par arrêté n° 839/89 du Ministre de la Production animale (Elevage et Pêche) et des Eaux et Forêts, en date du 13 février 1989, il est interdit d'introduire des animaux suspects de maladie des espèces bovine, porcine, ovine et caprine dans l'enceinte de tout abattoir frigorifique industriel travaillant pour l'exportation.

Un poste de contrôle de la santé des animaux destinés à l'abattage dans un tel établissement est institué au dernier point de rassemblement de ces animaux.

Le passeport devant accompagner ces animaux est visé après cet examen.

Le vétérinaire officiel de l'abattoir et les préposés sanitaires sont chargés de cet examen préalable.

Toutes dispositions antérieures contraires à celles du présent arrêté sont et demeurent abrogées.